# Ilay Voa Tsara Nafafy 16 Desambra 2018

**16** **Alahady** desambra

**Ilehity *(Jesosy)* mandray ny mpanota.** Lioka 15. 2

**Ny mpamory hetra rehetra sy ny mpanota nanatona hihaino an'i Jesosy.** Lioka 15. 1

**Nisy vahoaka betsaka nanatona Azy.** Marka 4. 1

## Ny fandraisan'i Jesosy

Iza no mila dokotera ? Ireo marary sa ireo salama ? Iza no mahafantatra fa mila Mpamonjy ? Ireo izay miaiky ny fahadisoany eo anatrehan'Adriamanitra, sa ireo izay mihevi-tena ho marina ? Hoy Jesosy mamaly : „Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody, fa ny marary ; tsy avy hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota mba hibebaka" (Lioka 5. 31-32).

Nanameloka an'i Jesosy ireo mpitondra fivavahana, satria nandray mpanota Izy ary niara-nisakafo tamin'izy ireo. Mampahery antsika anefa ny valinteniny. Ny misiona nampanaovina Azy dia ny hamonjy ny mpanota, ary izany avokoa isika rehetra (Romana 3. 23). „Tonga tetỳ ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota" (1 Timoty 1. 15). Na miezaka toy inona aza aho ho tsara fitondrantena, dia tsy afaka hiseho eo anatrehan'Andriamanitra ; fa Izy kosa te handray ahy ho ao amin'ny fanatrehany. Ny fepetra voalohany tokony hotanterahiko dia hoe miaiky fa diso, naniasia, tsy marina. Ny faharoa dia hoe mandray ny vahaolana atolotr'Adriamanitra ahy, mba hahatonga ahy ho marina eo imasony, izany hoe : mino an'i Jesosy, Izay nanolotra ny ainy hamonjeny ahy.

Jesosy no hany lalana nomena ny olona, mba hanekena azy ho eo amin'ny fanatrehan'Adriamanitra. Tsy misy holavina na iza na iza, eny fa na dia izay ratsy indrindra aza. Hoy Jesosy : „Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy" (Jaona 6. 37).

Ao amin'i Kristy no ahitantsika fitiavana mandrakizay sy fiarovana tsy tapaka. Hoy Izy amintsika : „Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana" (Matio 11. 28).